



Embassy of the United States
ANTANANARIVO

*Vaovao avy amin'ny Masoivoho Amerikana*

25 Jona 2019

Fiarahabana ny Filoha sy ny vahoaka Malagasy

noho ny fitsingeran'ny niverenan'ny fahaleovantenan'i Madagasikara

avy amin'ny Filoha Amerikana Donald J. Trump

"Andriamatoa Filoha,

Amin'ny anaran'ny vahoaka amerikana no hiarahabako ny vahoaka Malagasy noho ny fitsingerenan'ny faha-59 taona niverenan'ny fahaleovantenan'i Madagasikara. Ny fifidianana Filoham-pirenena izay nizotra am-pilaminana tamin'ny taona 2018 dia fotoana nanamarika ny fanjakan'ny demokrasia ao amin'ny firenenao. Ny governemantan'ny firenenan-tsika roa tonta dia miara-miasa hatrany amin'ny fampiroboroboana ny sehatra ara-toekarena sy ny fanatsarana ny fandraisana an-tànana ara-pahasalamana.

Ho fanohizana izany dia afaka miara-miasa hatrany isika amin'ny fampandrosoana maharitra ny sehatra ara-toekarena sy ara-tsosialy ho an'ny vahoaka Malagasy, anisan'izany ny fiarovana ny tontolo iainana sy ny harena voajanahary tsy manampaharoan'i Madagasikara. Mba ho fahombiazana hatrany ny fiaraha-miasantsika mandritra ny taona maro hifanesy."

-----

"Dear Mr. President

On behalf of the people of the United States, I congratulate the people of Madagascar on the 59th anniversary of your independence. The peaceful 2018 presidential election marked a seminal moment for your country's democracy. Together, our governments have expanded economic opportunities and improved health care. Going forward we can continue to cooperate and accomplish even more to advance sustainable economic and social development for all of Madagascar's people, including protecting Madagascar's rich and unique environment and natural resources. We look forward to many more years of success in our partnership."

Sincerely,

- Donald J. Trump